**MINISTERE DE L'ENERGIE**
**ET DES MINES**
***MINISTERE DE L'ECONOMIE,***
**DES FINANCES ET DU BUDGET**

**ARRETE INTERMINISTERIEL**
**N° 12 506/2003**
**portant création d'un guichet unique d'exportation, à titre commercial, des pierres précieuses, pierres fines, métaux précieux ainsi que des bijoux.**

Le Ministre de l'Energie et des Mines,
Le Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget,

Vu la Constitution,
*Vu la loi n° 99-022 du 19 août 1999 portant Code minier,*

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2000-170 tamin' ny 15 marsa 2000 amaritana ny fepetra fampiharana ny lalàna laharana faha-99-022 tamin' ny 19 aogositra 1999 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon' ny tany,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-1170 tamin' ny 7 aogositra 2002 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2002-1005 tamin' ny 11 septambra 2002 manondro ny anjara raharaha sy ny fandaminana ary ny fampandehanana ny Vaomieram-paritany sy ny Vaomieram-pirenena momba ny harena an-kibon' ny tany *(CPM) (CNM)*,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-007 tamin' ny 12 janoary 2003 anendrena ny Praiminisitra, sady Lehiben' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-008 tamin' ny 16 janoary 2003 anendrena ny mambra ao amin' ny Governemanta,

Araka ny didim-panjakana laharana faha-2003-102 tamin' ny 11 febroary 2003 manondro ny anjara raharahan' ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany ary koa ny fandaminana ankapobe ny minisiterany,

Rehefa nanome ny heviny ka nanaiky ny Vaomieram-pirenena momba ny harena an-kibon' ny tany,

Dia mamoaka izao didim-pitondrana izao :

Andininy voalohany. – Atsangana eo anivon' ny Foibem-pitondrana ny harena an-kibon' ny tany sy ny haibolan-tany ao Ampandrianomby ny Antokon-draharaha tokana ivondronan' ny mpiasa manam-pahaizana avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Harena an-kibon' ny tany, ny minisitera miandraikitra ny Fadintseranana ary ireo minisitera miandraikitra ny Filaminam-bahoaka sy ny Zandarimariam-pirenena.

Ny fananganana Antokon-draharaha tokana eo anivon' ny Foibem-pitondram-paritany momba ny harena an-kibon' ny tany isanisany dia hirotsaka an-tsehatra rehefa manana laboratoara anaovana fandinihana mifandraika amin' izany ity farany ity.

And. 2. – Ampiandraiketina ny fanaraha-maso ny fampiharana ireo fepetra voalazan' ny lalàna manan-kery amin' ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon' ny tany, ny Fehezan-dalàna momba ny fadintseranana ary koa ireo voalazan' ny rijan-teny natao ho fampiharana azy ireo, io Antokon-draharaha tokana io, amin' izay mikasika fotsiny ihany ny fanondranana vato sarobidy, vatosoa, metaly sarobidy ary koa firavaka.

And. 3. – Ny raharaha rehetra momba ny fanondranana ny vato sarobidy, ny vatosoa, ny metaly sarobidy ary koa ny firavaka dia tsy maintsy mandalo ao amin' io Antokon-draharaha tokana io, rehefa naseho ny taratasim-pitaterana an'habakabaka *(LTA)* na an-dranomasina.

And. 4. – Ireo fepetra voalazan' ny lalàna na didy amam-pitsipika tsy maintsy hajain' ny mpanondrana entana indrindra ireo mikasika ny adidy aman' andraikitra momba ny fampodiana ny vola vahiny sy mikasika ny antontan-taratasy firaketana takiana araka ny fepetra voalazan' ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon' ny tany sy ny Fehezan-dalàna momba ny fadintseranana ary koa ireo rijan-teny natao hampiharana izany dia mitoetra ho fampihatra.

And. 5. – Ampandalovina amin' ny fanaraha-maso ny karazana sy hatsarana ataon' ny laboratoaram-pirenena momba ny harena an-kibon' ny tany ny fanondranana ny vato sarobidy, vatosoa, metaly sarobidy ary koa ny firavaka. Ny fandinihina atao dia mety, raha ilaina hakana sarany izay feran' ny didim-pitondrana raisin' ny minisitera miandraikitra ny Harena an-kibon' ny tany ny sandany. Homena, rehefa aseho ny tapakila manamarina ny fanefana ireo saram-pandinihina, ny vokatry ny fandinihina.

And. 6. – Rehefa vita ny famaritana avy amin' ny fandinihina nataon' ny laboratoara, dia atao ny fanasokajiana, ny fanondroana ny sandany izay iarahan' ny mpandraharaha mahefa avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Harena an-kibon' ny tany sy avy amin' ny minisitera miandraikitra ny Fadintseranana manao, araka ny sanda noferan' ny didim-pitondrana iraisan' ireo minisitera roa ireo, ny vato sarobidy, ny vatosoa, ny metaly sarobidy ary koa ny firavaka izay haondrana.

*Vu le décret n° 2000-170 du 15 mars 2000 fixant les conditions* d'application de la loi n° 99-022 du 19 août 1999 portant Code minier,

Vu le *décret n°* 2002-1170 du 7 août 2002 fixant les attributions du Ministre de l'Economie, des Finances et du Budget ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Vu le décret n° 2002-1005 du 11 septembre 2002 fixant les attributions, l'organisation et le fonctionnement des Comités Provinciaux et du Comité National des Mines (CPM), (CNM),

Vu le décret n° 2003-007 du 12 janvier 2003 portant nomination du Premier *Ministre*, Chef du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-008 du 16 janvier 2003, portant nomination des membres du Gouvernement,

Vu le décret n° 2003-102 du 11 février 2003 fixant les attributions du Ministre de l'Energie et des Mines ainsi que l'organisation générale de son ministère,

Après avis conforme du Comité national des mines,

Arrêtent :

Article premier. – Il est créé auprès de la *Direction des mines* et de la géologie, sise à Ampandrianomby, un guichet unique regroupant des agents compétents du ministère chargé des Mines, du *ministère chargé des Douanes et des ministères chargés* de la Sécurité publique et de la Gendarmerie nationale.

La création d'un Guichet unique auprès de chaque Direction provinciale des mines interviendra *à partir du moment où cette* dernière sera dotée d'un laboratoire d'analyse adéquat.

Art. 2. – *Ce guichet unique* est chargé de veiller à l'application des dispositions légales en vigueur du Code minier, du Code des douanes ainsi que celles des textes pris pour leur application, en ce qui concerne exclusivement l'exportation des pierres précieuses, fines, métaux précieux ainsi que des bijoux.

Art. 3. – Toute opération d'exportation des pierres précieuses, *fines, métaux précieux* ainsi que des bijoux s'effectue par le biais de ce Guichet unique sous réserve de présentation d'une lettre de transport aérien (LTA) ou d'un connaissement.

Art. 4. – Toutes les mesures légales ou réglementaires s'imposant à l'exportateur, *notamment celles sur l'obligation de* rapatriement des devises, sur les documents requis conformément aux conditions prévues par le Code minier et le Code des douanes *ainsi que par les textes pris* pour leur application, demeurent applicables.

Art. 5. – L'exportation des pierres précieuses, fines, métaux précieux ainsi que des bijoux est soumise à un contrôle de nature et de qualité par le *Laboratoire national des mines. Les analyses* seraient sujettes en cas de besoin à des frais dont les prix sont fixés par arrêté du ministère chargé des Mines. Les résultats seront *délivrés sur présentation de la quittance* attestant le paiement des frais d'analyses.

Art. 6. – Après la détermination analytique du Laboratoire, les pierres précieux, fines, métaux précieux ainsi que des bijoux à exporter seront soumis à une catégorisation, à une *attribution de* valeur effectuées concomitamment par les agents compétents du ministère chargé des Mines et du ministère chargé des Douanes *suivant des valeurs fixées par arrêté conjoint des deux ministères.*

Eo am-piandrasana ny fametahan' ny Fanjakana ny fitomboka loko afo raikitra sy ny fanomezana ny fanamarinana ny fifanarahan' ny zavatra voalaza dia petahana fitomboka mialoha ny fonosan' entana ary azon' ny mpanondrana entana ataq ny mametaka ny kaseny manokana.

And. 7. – Indray mandeha ihany ary dia izay ihany ny fanarahamaso alohan' ny fanondranana ataon' ny Antokon-draharaha tokana izay ao amin' ny Foibem-pitondrana ny harena an-kibon' ny tany sy ny haibolan-tany.

And. 8. – Ireo mpandraharaha avy amin' ny fitondran-draharaha momba ny harena an-kibon' ny tany sy ny fadintseranana aorian' ny raharaha fanaraha-maso ny fonosan' entana misy ny vato sarobidy, ny vatosoa, ny metaly sarobidy ary koa ny firavaka, dia samy mametaka avy miavaka tsara ny kaseny ary miara-manao ny fitanana an-tsoratra mikasika ny fizahana fototra sy ny fametahana ny kase.

Ny fonosan' entana voaisy fitomboka araka izany dia tsy azo vohaina raha tsy hoe angaha misy fahapotehan' ny fitomboka hita fototra eo amin' ny fotoana anaovana ny fanamarinana eo amin' ny fadintseranana alohan' ny fiondranana ary izany dia ho fandinganana ny voalazan' ny andininy faha-7 etsy ambony.

Aorian' ny asa fanamarinana ny fonosan' entana sy fametahana fitomboka aminy dia omen' ny fitondran-draharaha miandraikitra ny harena an-kibon' ny tany ny fanamarinana ny fifanarahan' ny entana nosoniavin' ny talen' ny harena an-kibon' ny tany sy ny haibolan- tany izay zary sora-panjakana tokana takiana amin' ny famoahana ivelan' ny tanim-pirenena ny vato sarobidy, ny vatosoa, ny metaly sarobidy ary koa ny firavaka, araka ny voalazan' ny andininy faha-150 ao amin' ny Fehezan-dalàna momba ny harena an-kibon' ny tany, andàlana faha-2.

And. 9. – Ny fanomezana ny fanamarinana ny fifanarahan' ny entana dia tsy maintsy atao anatin' ny valo amby efapolo ora manaraka ny fametrahana ny fangatahana taratasy fanambarana. Omena ny mpanondrana entana izany rehefa asehony ny tapakila manamarina ny fanefany ny saram-panomezana ny fanamarinana oferan' ny didim-pitondrana ataon' ny minisitera miandraikitra ny Harena an-kibon' ny tany ary hatovana amin' ny fanambarana tokana momba ny fadintseranana *(DDU)*.

And. 10. – Aorian' ny fombafomba mikasika ny fadintseranana dia heverina ho toy ny ao anatin' ny faritra fanondranana ny fonosan' entana sady sahanin' ny fadintseranana ny Fehezan-dalàna momba ny fadintseranana.

And. 11. – Ny fonosan' entana dia halefa any amin' ny seranantsambo na seranam-piaramanidina iondranana ka ny mpanondrana entana no mizaka izany.

And. 12. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin' izao didim-pitondrana izao.

And. 13. – Ho raketina am-boky ary havoaka amin' ny *Gazetim-panjakan'* ny Repoblika izao didim-pitondrana izao.

Antananarivo, ny 11 aogositra 2003.

*Ny Minisitry ny Angovo*
*sy ny Harena an-kibon' ny tany,*
J. RABARISON.

*Ny Minisitry ny Toekarena*
*sy ny Fitantanam-bola ary ny Tetibola,*
Benjamin Andriamparany RADAVIDSON.

---

**MINISITERAN' NY ANGOVO**
**SY NY HARENA AN-KIBON' NY TANY**

Noho ny didim-pitondrana laharana faha-8815/2003 nataon' ny Minisitry ny Angovo sy ny Harena an-kibon' ny tany, tamin' ny 5 jona 2003, ny fepetra voalazan' ny andininy voalohany amin' ny tovana I momba ny fepetra iombonana amin' ny fahazoan-dàlana

Dans l'attente du scellage définitif effectué par l'Administration et de la délivrance du certificat de conformité, les colis seront préscellés et l'exportateur pourrait apposer son sceau privé.

Art. 7. – Le contrôle avant exportation effectué par le Guichet unique sis à la Direction des mines et de la géologie a lieu une (1) fois pour toute.

Art. 8. – Les agents des administrations minière et douanière, après l'opération de contrôle des colis contenant les pierres précieuses, fines, métaux précieux ainsi que des bijoux apposent leurs sceaux en relief respectifs et dressent ensemble un procès-verbal de constatation et de scellage.

Les colis ainsi scellés ne peuvent être réouverts qu'en cas de rupture de scellé dûment constatée au moment de la vérification douanière avant embarquement, en dérogation de l'article 7 ci-dessus.

Après les opérations de contrôle et de scellage des colis, l'administration minière délivre un certificat de conformité signé par le directeur des mines et de la géologie qui constitue, aux termes de l'article 150 du Code minier, alinéa 2, l'acte administratif unique requis pour la sortie du territoire national des pierres précieuses, fines, métaux précieux ainsi que des bijoux.

Art. 9. – La délivrance du certificat de conformité doit intervenir dans les quarante huit heures suivant le dépôt de la demande de déclaration. Il sera délivré à l'exportateur sur présentation de la quittance attestant le paiement du droit de délivrance fixé par arrêté du ministère chargé des Mines et à annexer à la Déclaration Douanière Unique (DDU).

Art. 10. – Après les formalités douanières, les colis sont considérés comme dans une aire d'exportation et sous-douanes, et soumis aux dispositions du Code des douanes.

Art. 11. – Les colis seront acheminés vers les ports ou aéroports d'embarquement aux soins de l'exportateur.

Art. 12. – Toutes les dispositions antérieures contraires au présent arrêté sont et demeurent abrogées.

Art. 13. – Le présent arrêté sera enregistré et publié au *Journal officiel* de la République.

Antananarivo, le 11 août 2003.

*Le Ministre de l'Energie*
*et des Mines,*
J. RABARISON.

*Le Ministre de l'Economie,*
*des Finances et du Budget,*
Benjamin Andriamparany RADAVIDSON.